LES ECHOS .MEDD

N°001

SOMMAIRE

A LA UNE

- MAMBOLY HAZO TIA TANINDRAZANA, MANDORO ALA MANDORO TANINDRAZANA

REBOISEMENT

- « SMART CAMPUS VITRINE » : POUR LA MISE EN PLACE D'UN JARDIN BOTANIQUE A L'UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
- ZANA-KAZO MIISA 1 200 NO NIARAHAN'NY MEDD SY NY ROTARY CLUB NOVOLENA TAO AMPAHIBATO ALASORA

CONSERVATION

- MANDEHA NY FANADIHADIANA MAHAKASIKA NY DORO ALA NISEHO TAO AMIN'NY ALAN'AMPARAFANA

POLLUTION

- TSIKARITRA FA EO AMBOHIDAHY NO TENA AMBONY NY TAHAN'NY FAHALOTOAN'NY RIVOTRA

CHANGEMENT CLIMATIQUE

- FARITRA ATSINANANA: NOHAMAFISINA NY FAHAIZA-MANAON'IREO MPISEHATRA ENY IFOTONY AMIN'NY FIATREHANA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

GOUVERNANCE AMELIOREE

- SOKAKE 288 INDRAY NO TRA-TEHAKY NY DRSP ATSIMO ANDREFANA

RESTAURATION

- MIROSO AMIN'NY FANARENANA NY FARITR'ALA SIMBA AO AMIN'NY FARITRA AROVANA ZOMBITSE VOHIBASIA IREO MPISEHATRA ENY IFOTONY

TRANSITION ENERGETIQUE

- FIAROVANA NY ALA AO ANALANJIROFO: NOFANINA MAHAKASIKA NY FANAMBOARANA ARINA BIOLOJIKA IREO OLONA ENY IFOTONY

ECONOMIE VERTE

- L'HUILERIE DE MELVILLE INTEGRE LA DIMENSION ENVIRONNEMENTALE DANS SA POLITIQUE DE DEVELOPPEMENT

ECONOMIE BLEUE

- ASSAINISSEMENT DE LA PLAGE DE L'AIRE PROTEGEE DE RANOBE

JOURNEES MONDIALES ET INTERNATIONALES

Site web et Facebook :

http://www.environnement.mg

https://www.facebook.com/TontoloiainanaFandrosoanaLovainjafy

Contact :

communication@environnement.mg

A LA UNE

MAMBOLY HAZO TIA TANINDRAZANA, MANDORO ALA MANDORO TANINDRAZANA

Natomboka tamin'ny fomba ôfisialy ny taom-pambolenkazo 2020-2021. Ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara Andry RAJOELINA no nitarika izany tany Taolagnaro, tao amin'ny alan'i Manantantely. Ny hanamaitso an'i Madagasikara dia Velirano faha 10 izay hotratrarintsika miaraka. Ity fisantarana ity dia natao ho fanarenana ireo hazo izay efa simba tao. Manatantely ka hazo zanatany avokoa no novolena. Dingana telo lehibe no atao amin'izany fambolenkazo izany dia ny fanomanana ireo tany hovolena sy ny fanaovana ny lavaka, ny fametrahana ireo zanakazo amin'ny lavaka ary ny fanaraha-maso sy ny fikojakojana izay iarahana miasa amin'ireo vahoaka ifotony. Mandray anjara avokoa ny zaza, tanora, ny mpianatra, ny mpampianatra, ny vehivavy, ny lehilahy, ny mpitondra, ny mpiasan'ny tontolo iainana, ny sehatra tsy miankina sy ny maro hafa satria samy tompon'andraikitra amin'ny tontolo avelantsika ho an'ireo taranatsika isika.

Toy izao manaraka izao ny fandaharam-potoana momba ny fisokafan'ny fambolenkazo isam-paritra : 19 Janoary : Anôsy, Analanjirofo, Atsinanana, Bongolava, Itasy, Melaky,Vakinankaratra, Vatovavy Fitovinany.

Atoa PRM Andry Rajoelina, Rtoa Minisitra MEDD ary ireo mpianatra EPP, Taolagnaro

21 Janoary : Androy

29 Janoary : Boeny sy Betsiboka (fambolenkazo an-tanety), Amoron'i Mania.

01 Febroary : Boeny sy Betsiboka (fambolena honko) 22 Janoary : Atsimo Andrefana, Bongolava

02 Febroary : Alaotra Mangoro

REBOISEMENT

BOANAMARY: SAUVEGARDE ET PRESERVATION DES MANGROVES GRÂCE AU PARTENARIAT DE L'UGP/MEDD ET LE PROJET S2NPA/GEF V

Visite du pépinière à Boanamary

Grâce au reboisement de mangroves sur une superficie de 100 Ha, les activités génératrices de revenus des VOI ont été renforcées. A travers la coopération entre le projet S2NPA/GEF V et l'UGP/MEDD, les campagnes de sensibilisation pour la protection des mangroves ainsi que les activités de reboisement ont été priorisées. Les acteurs locaux seront également impliqués davantage dans les missions de patrouille. Les appuis aux activités de production de la population locale à savoir la pêche, l'élevage, l'agriculture et le tourisme seront renforcés.

MENABE: VELARAN-TANY 12 HA NO NAMBOLENA ALA HONKO

Zanaka honko miisa 80 000 no novolena tao amin'ny Fokontany Betania, Kaominina Renivohitra Morondava ny sabotsy lasa teo. Tanjona ny hanarenana ireo faritr'ala ripaka sy hampiroboroboana ny fihariana manome loharanom-bola ho an'ireo mponina eny ifotony. Niara-nientana tamin'ity fambolenkazo ity ny DREDD MENABE sy ireo mpiara-miombon'antoka ary ireo vahoaka any an-toerana.

Fambolena zanaka honko

REBOISEMENT

« MADAGASIKARANTSIKA ! HO RAKOFANTSIKA ALA » : UN PARTENARIAT PUBLIC PRIVE POUR REVERDIR MADAGASCAR

Mme le Ministre MEDD avec les partenaires du projet «Madagasikarantsika»

Le défi que le Président de la République Andry Rajoelina a lancé à travers son Velirano n°10 est de reverdir Madagascar.
Le projet « Madagasikarantsika ! Ho rakofantsika ala » va mettre en place 5 parcs forestiers de 120 ha chacun, représentant Madagascar en miniature. Jusqu'à 1 million d'arbres endémiques et à croissance rapide seront plantés dans ces parcs.
Le projet vise à :
- Créer des emplois à travers la priorisation des mains d'œuvres locales pour l'aménagement et la sécurisation des parcs.
- Développer les activités créatrices de revenus à travers l'agroforesterie et la plantation d'arbres fruitiers.
- Faire des parcs une attraction pour les touristes nationaux et internationaux.

Le projet est financé par Imperial BRANDS. Dès la construction, l'aménagement, le reboisement, la sécurisation... le MEDD fera appel à tous ses collaborateurs tels que les Ministères, les organisations de la société civile, les organismes, les entreprises et les populations locales. Réunissons nos forces pour reverdir Madagascar.

AKON'NY FANOKAFANA NY TAOM-PAMBOLEN-KAZO 2021 TANY AMIN'NY FARITRA

Ireo mpaianatra sy ireo vahoaka mandray anjara amin'ny fanamaitsoana an'I Madagasikara

Tao Magnahiravina, Fokontany Maromandia ao amin'ny Distrikan'i Sainte Marie no nanamarihana ny fanokafana ny taom-pambolen-kazo 2021 ho an'ny Faritra Analanjirofo ny zoma 22 janoary lasa teo. Zana-kazo «hazoala» miisa 1010 no nambolena teo amin'ny velaran-tany mirefy 0,5 ha. Niara-nientana tamin'izany hetsika izany ireo sampandraharaham-panjakana tany an-toerana, ny solombavambahoakan'ny Sainte-Marie, ny Lehiben'ny Fileovana, ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina ary ny ekipan'ny CEF Sainte Marie.
Ho an'ny Faritra Ihorombe kosa dia zana-kazo miisa 50 000 no novolena teo amin'ny velaran-tany mirefy 20 Ha tao Ihosy, 20 000 tao Ivohibe ary 10 000 tao Iakora. Karazan-kazo fihinamboa, zakaranda, Flamboyant sy Acacia no novolena. Nifandrimbona tamin'ity fambolen-kazo ity ireo mpisehatra isan-tsokajiny eny ifotony, ny Goverinoran'ny Faritra Ihorombe, ny fikambanana isan-karazany, ny fiangonana ary ny mpianatra.

TAOM-PAMBOLEN-KAZO 2020-2021: ZANA-KAZO MAHERIN'NY 70 TAPITRISA NO HOVOLENA

Zana-kazo miisa 70 500 000 no efa voaomana hovolena amin'ity taom-pambolenkazo 2020-2021 ity ary nasiana taninjanakazo avokoa teny anivon'ny Distrika sy Kaominina hatrany amin'ireo Fokontany sasantsany manerana ny nosy. Misy koa ny fametrahana Fitaratra ho an'ny Fambolen-kazo (Vitrine de reboisement) ao amin'ny Faritra Analamanga sy Itasy mba hanabeazana ny olom-pirenena amin'ny fambolen-kazo.
Miara-dalana amin'ny fanatrarana izany tanjona izany ny fiaraha-miasa eo amin'ny MEDD sy ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena MEN anatin'ny fandaharanasa «Mpianatra iray, hazo iray» izay entina mampihetsika sy mampandray andraikitra bebe kokoa ireo mpianatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Isan'ny ezaka efa imasoana hatrany ihany koa ny fanamafisana ny fanentanana sy ny ady amin'ny afo ary ny fametrahana ny «Tolérance zéro» ho fiarovana ireo harena voajanahary.
Amporisihana hatrany ihany koa ny fandraisana andraikitra ara-piaraha-monina sy ara-tsosialy (RSE) ho an'ireo orinasa sy ny sehatra tsy miankina ary nohamafisina ny fitsirihana ny fandotoana ataon'ny orinasa. Ireo no isan'ny tebokanivoitra nandritra ny tomban'ezaky nyasa vita izay nataon'ireo solontenan'ny DREDD tao Nanisana ny 11 janoary.

Ireo DREDD sy DIREDD nandritra ny fanatanterahana valandresaka ho an'ny mpanao gazety

« SMART CAMPUS VITRINE » : POUR LA MISE EN PLACE D'UN JARDIN BOTANIQUE A L'UNIVERSITE D'ANTANANARIVO

L'Université d'Antananarivo se mobilise avec le MEDD afin de concrétiser la vision «Madagasikara Rakotra Ala». 800 jeunes plants constitués de *Frènes*, de *Mantalys* et d'*Acacia Mangium* ont été mis en terre sur une superficie de 1 Ha dans la zone Ampitifirana. D'autres campagnes de reboisement seront menées dans la zone terrain préfa DEGS, la zone Mont Japonais et la zone bassin versant. L'objectif est de restaurer le paysage universitaire à travers la mise en place d'un jardin botanique répondant aux besoins des acteurs universitaires en termes de recherches. 200 individus ont été mobilisés durant cette activité visant à protéger les biens communs.

Plan du sites de reboisements de l'université d'Antananarive

REBOISEMENT

RODOBE ISAM-PARITRA HO FANOKAFANA NY TAOM-PAMBOLEN-KAZO 2021

Ho an'ny tao amin'ny Faritra Melaky dia zana-kazo miisa 10 000 no nambolena teo amin'ny velaran-tany 10 Ha tao Maintirano, 3 583 tao Besalampy, 5 300 tao Ambatomainty, 5 000 tao Antsalova ary 4841 tao Morafenobe. Tontosa ny 19 Janoary ihany koa ny fanokafana ny andron'ny fambolen-kazo an-tsekoly ka zana-kazo miisa 400 no novolena tamin'izany.
Tao Andranomirahavavy, Kaominina Mahambo kosa no notanterahina ny fambolen-kazo ho an'ny Faritra Analanjirofo ka velarana 3,5 Ha no nambolena zana-kazo miisa 6 000. Niara-nientana namboly zana-kazo 1 100 tao amin'ny tokontanin'ny CEG Mahambo ary 238 isa tao amin'ny CEG Soanierana Ivongo ihany koa ireo mpianatra tany an-toerana.
Ho an'ny Faritra Itasy dia nomarihana tamin'ny fambolena hazo miisa 5 200 teo amin'ny velarana 5 ha ny andron'ny 19 janoary. Nomen-danja ireo hazo mampiavaka sy mifanaraka amin'ny toe-tany any an-toerana ka zanaka tapia 10 000 no novolena. Zana-kazo miisa 3 000 kosa no novolena tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana. Tao Ankadinondry Sakay kosa no noentina nanamarihana ny fambolen-kazo an-tsekoly ho an'ny Faritra Bongolava.
Dingana hirosoan'ireo ekipan'ny MEDD isam-paritra ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny fitombon'ireo hazo novolena ireo.

Ireo mpamboly hazo tany amin'ny faritra nandritra ny hetsika Rodobe

SUIVI AU SITE DE REBOISEMENT A FIRARAZANA ANKAZOBE PAR L'EQUIPE DU MEDD

L'équipe du MEDD dirigée par Madame la Ministre de l'Environnement et du Développement Durable, a consacré la journée du samedi 30 janvier 2021 pour faire le suivi du reboisement de l'an passé à Firarazana Ankazobe dont le taux de réussite et de 85%. Les jeunes plants morts ont été remplacés par des Acacia. Le reboisement implique le suivi, c'est notre devoir à tous de le faire. Nous ne tolèrerons jamais les feux, et cette année 2021 sera l'année de lutte contre les feux. A part le suivi, l'équipe a effectué un reboisement à Manankazo Ankazobe où 4 000 jeunes plants d'eucalyptus ont été plantés avec l'équipe de Madagasco. Cette dernière gère 8000 ha parmi les 15 000 ha du terrain à Manankazo dont le Parc d'Ambohitantely en fait partie. La nouvelle méthode utilisant des fibres végétales afin de remplacer les sachets en plastique pour les jeunes plants a été testée lors de ce reboisement, une méthode pouvant être dupliquée dans d'autres régions. Pendant ce passage à Ankazobe également, le cantonnement a été doté en matériels pour parfaire ses services.

Mme le Ministre MEDD plante son arbre, Ankazobe

FANAMAITSOANA AN'ANDROY SY ADY AMIN'NY VOKADRATSIN'NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

Sationany amin'ireo FATIOLISTE novolena tany amin'ny Faritra Androy

Notontonsaina ny 23 janoary teo, tao Ankilivalo, Distrikan' Ambovombe, ny fanokafana ny Taom-pambolen-kazo hoan'ny Faritra Androy. *FATIOLITSE* miisa 30.000 no novolena tamin'ny Velarana 12 ha. Ny *FATIOLITSE* dia zavamaniry tena ilain'iny Faritra Androy iny hitazomana ny fasika tsy haparitaky ny Tioka (stabilisation des dunes) sy hisintomana ihany koa ny entona karbonina ary manalefaka ihany koa ny hafanana mihoapapana. Miaro ireo tanimboly izany izy ireny ary dia hovolena be dia be, miaraka amin'ny fambolena zanakazo hafa manalefaka ny tioka atsimo, na lay Karazan-kazo antsoina hoe «brise-vent» zay efa volen'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy amin'ny kaominina vitsivitsy. 100 ha no henjehin'ny Fitaleavamparitry ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Androy amin'ny voly *FATIOLITSE* amin'ity taona 2021 ity ao amin'ny Distrika Ambovombe. Ny tanjona kosa dia ny hahazahoana famatsiana goavana hoan'ny Faritra Androy iray manontolo mba hanampiana ny mponina amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro, ho fiarovana ny tetikasa fambolena sy fiompiana hapetraky ny Fitondrampanjakana ary hitazomana ny fasika tsy handrakotra intsony ny tanàna sy ny lalam-pirenena. Mankasitraka ny Governoran'ny Faritra Androy sy ny Préfet ary ny DREDD Androy tamin'ny fikarakarana sy fanentanana zay natao. Misaotra ny ratsamangaika rehetra toy ny Zandarimariampirenena, Polisimpirenena, ny Miaramila, ny Fitaleavamparitra rehetra nitondra ny anjara birikin'izy ireo tamin'ny fanamaitsoana an'Androy.

REBOISEMENT

ZANA-KAZO MIISA 1 200 NO NIARAHAN'NY MEDD SY NY ROTARY CLUB NOVOLENA TAO AMPAHIBATO ALASORA

Rtoa Minisitra MEDD sy Atoa Governoran'ny Rotary Club Ivandry, tao Alasora

Isan'ireo faritra marefo ary iharan'ny fahapotehana ny tontolo iainana noho ny doro tanety ny Kaominina Alasora ato anatin'ny Faritra Analamanga. Manoloana izany dia niara-nientana nanatontosa fanentanana an-tsekoly mahakasika ny fambolen-kazo sy ny fiarovana ny tontolo iainana tao amin'ny EPP Ampahibato ny ekipan'ny MEDD sy ny Rotary Club omaly. Zana-kazo miisa 1 200 izay ahitana Flamboyant nain, frênes, leucenna ihany koa no novolena teo amin'ny 600 metatra manamorona ny lalan'Alasora. Miaraka miasa akaiky amin'ny DREDD_Analamanga kosa ireo «Chefs secteurs» isam-pokontany sy ireo mponina eny ifotony amin'ny fanaraha-maso ireo zana-kazo novolena ireo. Taorian'ny hetsika dia niroso tamin'ny fizarana sakafo ho an'ireo mpianatra sy ireo mponina manodidina ny roa tonta

UN GRAND REBOISEMENT A ÉTÉ EFFECTUE SUR 12 HA DE SUPERFICIE LORS DE L'OUVERTURE DE LA CAMPAGNE DE REBOISEMENT 2021 A ANDROY

Briefing avant le reboisement

Le lancement du reboisement dans l'Androy a été effectué à Ankilivalo, Fokontany Ankatrafay Mazava, Commune rurale d'Ambohimalaza dans le District d'Ambovombe ce 23 janvier 2021. L'objectif est de couvrir une superficie de 100 Ha à Ankilivalo pour cette année. Le Gouverneur de la Région, le Préfet, le Maire, les forces de l'ordre, les organisations de la société civile, les partenaires, les élèves ainsi que les communautés locales se sont mobilisés et ont participé à cette activité de reboisement.

LE REBOISEMENT VA DE PAIRE AVEC LE RENFORCEMENT DES SUIVIS SUR TERRAIN: 80% DE REUSSITE POUR LE REBOISEMENT DE MANGRO-

Le reboisement de mangroves effectué à Sainte Marie- Saint Joseph en 2020 affiche un taux de réussite de 80% sur les 2 000 propagules mis en terre. Afin de poursuivre les efforts pour reverdir la Région Analanjirofo, une campagne de reboisement a été effectuée au niveau des EPP, CEG et Lycée de Mananara Avaratra hier. Le CEF ainsi que la CISCO de Mananara Avaratra se sont mobilisés pour planter 400 arbres constitués de Mantaly, de Grevilla, d'Acacia et de Bonara. Par ailleurs, les autorités locales se sont engagées dans la poursuite des auteurs de coupes illicites et défrichements de la forêt au sein de la Nouvelle Aire Protégée de Tampolo. Un individu a été appréhendé et l'affaire est actuellement traitée auprès du Tribunal de Première Instance de Fénérive Est.

Les élèves vont mettre en terre leurs arbres

BILAN POSITIF DU REBOISEMENT EFFECTUE DANS LE DOMAINE FORESTIER NATIONAL ANDEMPOMBE

En 2018, l'ouverture de la campagne de reboisement pour la Région Vakinankaratra a été effectuée dans le Domaine Forestier National d'Andempombe Betafo sur une superficie de 11 Ha. Des jeunes plants autochtones tels que le *Dodonea magadascariensis*, le *Cordilla madagascariensis* et le *Phyllarthon madagascariensis* ainsi que des arbres utilisés dans la médecine comme l'*Eucalyptus citriodora* et l'*Eucalyptus globulis* y ont été mis en terre. Un suivi systématique a été effectué par la DREDD Vakinankaratra avec l'ONG Cœur des Forêts. Les arbres qui poussent dans cette zone atteignent actuellement les 2 m de hauteur.

Suivi du reboisement en 2018

REBOISEMENT

ZANA-KAZO 6 000 NO NOVOLENA TAO ANDRAMY, DISTRIKAN'I MAEVATANANA

MEDD sy VITOGAZ mifanome tanana amin'ny fanamaitsoana an'ny Madagasikara

Tao Andramy ao amin'ny Distrikan'i Maevatanana no nanokafana ny taom-pambolen-kazo 2021 ho an'ny Faritra Betsiboka omaly. Zana-kazo miisa 6 000 toy ny Pamba, Acacia, Khaya, Mantaly, Voasary, Konikony sy Bonara no novolena teo amin'ny velarana mirefy 5 Ha. Niara-nientana tamin'ity fambolen-kazo ity ireo sampandraharaham-panjakana isan-tsokajiny, ireo orinasa, ny fikambanana, ireo mpianatra ary ireo vondron'olona ifotony. Ho fampandraisana andraikitra bebe kokoa ireo orinasa amin'ny fiarovana ny tontolo iainana kosa dia nisy ny fambolena zana-kazo miisa 2 600 teo amin'ny velarana 1,5 Ha tao amin'ny tobin'ala Marohogo izay niarahana tamin'ny Orinasa VITOGAZ. Ny fambolena ny 3,5 ha ambiny kosa dia hanakaramana ireo olona mipetraka manodidina ity tobin'ala ity. Nifantoka tamin'ireo fanatsarana ny asa atao eny ifotony ny tombana izay nataon'ireo mpiara-miasa rehetra eo anivon'ny DIREDD Boeny-Betsiboka nandritra ny fivoriam-be izay natao ny 28 janoary lasa teo.

ZANA-KAZO MIISA 35 100 NO NOZARAINA MAIMAIM-POANA HO AN'NY MPONINA TAO VERRERIE TOAMASINA

Atoa DREDD Atsinanana manolotra zana-kazo amin'ny solontenan'ny VOI

Ho fiarahana mientana sy fampandraisana andraikitra ireo mponina eny ifotony amin'ny fambolen-kazo dia nizara zana-kazo fihinam-boa maimaim-poana tao amin'ny Fokontany Vererie ny DREDD_Atsinanana sy ny Centre des jeunes fleurs éveillées omaly. Tontosa tamin'io fotoana omaly io ihany koa ny fanokafana tam-pomba ofisialy ny «Ivon-toerana fampiofanana ny tanora momba ny toekarena maitso sy toekarena manga» an'ny Fleurs Éveillées ao amin'ny Fokontany Tsarahonenana. Isan'ny fampianarana omena ireo mpiofana ao amin'ity ivon-toerana ity ny fametrahana taninjanakazo, ny fiompiana trondro sy akoho gasy, ny fambolena, ny fanodinana fako ary fitaizana ireo zaza iharan'ny herisetra.

REGION SAVA: REBOISEMENT DE 38 000 JEUNES PLANTS A VOHEMAR

Le lancement officiel de la campagne de reboisement 2021 pour la Région Sava a été effectué à Vohémar le 21 janvier dernier avec 38 000 jeunes plants mis en terre. Environ 4 000 personnes ont été mobilisées lors de ce reboisement dont le Gouverneur de la Région, le Préfet, les Chefs de Districts, les Communes et les populations locales. L'objectif est de restaurer les zones dégradées par les feux. Notons que pour la DREDD Sava, jusqu'ici, 63 000 jeunes plants ont été mis en terre. Des efforts seront engagés afin de reverdir la Région.

Reboiseurs lors du lancement oficiel de la campagne de reboisement dans la région SAVA

ZANA-KAZO MIISA 12 000 NO NOVOLENA TAO AMORON'I MANIA

Velaran-tany mirefy 7,5 Ha no novolena zana-kazo miisa 12 000 izay ahitana Acacia, cèdre rouge ary Filao tao Begoaika, Fokontany Soavina ao amin'ny Kaominina Ilaka Centre-Distrikan'Ambositra. Nifanome tanana tamin'izany ireo sampandraharaham-panjakana isan-tsokajiny eo anivon'ny Faritra, ny Goverinoran'ny Faritra, ireo mpitandro ny filaminana, ny fikambanam-behivavy ao Ilaka Centre, ireo mpitantana ny faritra arovana ary ireo vahoaka eny ifotony. Tsy mijanona eo amin'ny fanatsatohana ireo hazo ihany ny asa fa hamafisina ny fiarovana amin'ny alalan'ny fametrahana ny Komity misahana ny fanaraha-maso ireo hazo novolena.

Ireo sampandraharaha miankina sy tsy miankiana amin'ny fanjakana miaraka amin'ireo mponina

RESTAURATION

MIROSO AMIN'NY FANARENANA NY FARITR'ALA SIMBA AO AMIN'NY FARITRA AROVANA ZOMBITSE VOHIBASIA IREO MPISEHATRA ENY IFOTONY

Fambolen-kazo ho fanarenana ny faritra arovana

Isan'ny mampiavaka ny faritra arovana Zombitse Vohibasia ny fananany karazam-borona sy varika maro tsy misy afa-tsy eto Madagasikara. Tandindomin-doza anefa ireo harena voajanahary ireo noho ny doro ala sy ny fanapahana ala an-tsokosoko. Ho fanarenana ireo faritr'ala simba dia misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny Ecologde Bel Air, ny Oniversite ISTE Fianarantsoa ary ny OMNI VERDI ary ny MNP. Zana-kazo zanatany miisa 3 000 sy Arka izay voana hazo vokarin'ny OMNI VERDI miisa 700 no novolena tany an-toerana. Niara-nientana tamin'izy ireo tamin'ny fanatanterahina izao fambolen-kazo izao ny fokonolona sy ireo mpianatra tany an-toerana.

FANARENANA NY ATIALAN'I MENABE ANTIMENA NO NANAMARIHANA NY FANOKAFANA NY TAOM-PAMBOLEN-KAZO 2021 HO AN'NY FARITRA MENABE

Miara-mientana ny rehetra ho fanarenana ny faritra arovana Menabe Antimena

Notanterahina ny 23 janoary tao amin'ny faritra arovana Menabe Antimena ny fanokafana tam-pomba ofisialy ny taom-pambolen-kazo 2021 ho an'ny Faritra Menabe. Zana-kazo miisa 20 000 no novolena teo amin'ny velaran-tany mirefy 18 Ha tao Kirindy Village, Kaominina Marofandilia ary 6 500 kosa teo amin'ny velarana 6,5 Ha tao Lambokely, Kaominina Beroboka. Ireo hazo zanatany toy ny Anakaraka, Handy, Arofy, Baobab ary Katrafay no novelana tamin'izany.

LES ACTEURS LOCAUX SE MOBILISENT ENSEMBLE POUR LA RESTAURATION FORESTIERE A MAROTANDRAZANA

Face à la recrudescence de la destruction de la forêt, l'équipe de la DREDD Atsinanana a mené une campagne de sensibilisation au sein du Fokontany de Marotandrazana dans la Commune rurale d'Antetezambaro le 15 janvier dernier. Des actions de reboisement et de lutte contre les feux seront renforcées et mises en œuvre par les responsables au niveau local ainsi que les communautés locales afin de restaurer la forêt dégradée. Dans ce sens, ils ont procédé à un reboisement de 400 jeunes plants ainsi que de 193 310 graines offerts par l'ONG Graine de vie. Les efforts seront mobilisés afin restaurer la forêt sur une superficie totale de 150 Ha.

Terrain brulé à restaurer

DIANA : NANDRAY ANDRAIKITRA AMIN'NY FANARENANA NY HONKO IREO VONDRON'OLONA ENY IFOTONY

Miaro ny morontsiraka sy manampy amin'ny ady atao amin'ny fiovan'ny toetrandro ny fisian'ny ala honko. Ankoatra ny fanamafisana ny fanaraha-maso sy ny fiarovana eny ifotony dia omen-danja ihany koa ny fanarenana ireo faritr'ala ripaky ny afo sy ny fanapahana ala an-tsokosoko. Mandray andraikitra mavitrika amin'izany asa izany ireo Vondron'Olona eny Itofony. Isan'ireo VOI miisa 5 mendrika indrindra tamin'ny fifaninana fanarenana ny ala honko izay nokarakarain'ny DREDD DIANA ny VOI Ankiabe, ny VOI Antenina, ny VOI Ankazomborona, ny VOI Ampasivelona ary ny VOI Antsatrana. Mirefy 10,3 ha no fitambaran'ny velarana ala honko novolen'izy ireo tamin'izany. Tontosa omaly ny fanolorana ny loka ho azy ireo tamin'ny ezaka izay nataony tamin'ny fiarovana sy fanarenana ny ala honko.

Ireo avy ao amin'ny DREDD DIANA manolotra ireo fitaovana ho an'ny VOI

CONSERVATION

MANDEHA NY FANADIHADIANA MAHAKASIKA NY DORO ALA NISEHO TAO AMIN'NY ALAN'AMPARAFANA

Velaran-tany 35 Ha no may tao amin'ny alan'Amparafana, Distrikan'i Mahanoro omaly. Niara-nientana tamin'ny famonoana ny afo ny Fokonolona tany an-toerana, ny Senatera Donat Tang, ny Lehiben'ny Distrika Mahanoro, ny ekipan'ny Lehiben'Ala ao Mahanoro ary ireo zandary sy miaramila. Efa miroso amin'ny fanadihadiana mahakasika ity fahamaizana ity ireo tompon'andraikitra ankehitriny

Mifanome tanana ny rehetra amin'ny famonoana ny afo vokatry ny doro-tanety

VERS LA VALORISATION ET L'INTEGRATION DES RESSOURCES NATURELLES DANS LE PIB DU PAYS

Madagascar entend rehausser la valeur de son potentiel naturel afin de promouvoir le développement du pays à travers l'intégration de la comptabilité de son écosystème naturel dans son PIB. La Comptabilité Ecosystémique du Capital Naturel (CECN) vise ainsi à servir d'outil à la prise de décision pour les dirigeants concernant les ressources naturelles. Des recherches ont ainsi été menées auprès du Complexe Mahavavy Kikony dans la Région Boeny. Cette initiative va ainsi contribuer à donner des axes d'intervention pour l'amélioration de la gouvernance environnementale. Un atelier de concertation et de présentation des résultats de ces recherches a été organisé par le Ministère de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique hier avec la présence de la Ministre de l'Environnement et du Développement Durable, de l'Institut et Observatoire de Géophysique Antananarivo (IOGA) ainsi que des gestionnaires des aires protégées.

ECONOMIE VERTE

L'HUILERIE DE MELVILLE INTEGRE LA DIMENSION ENVIRONNEMENTALE DANS SA POLITIQUE DE DEVELOPPEMENT

Usine de l'Huilerie de Melville

L'exploitation des palmiers constitue une filière génératrice de revenu et créatrice d'emploi pour les populations locales dans la Région Atsinanana. Pour sa part, l'Huilerie de Melville, Groupe Savonnerie Tropicale contribue au développement économique de la Région et met en avant le respect des droits de ses employés, l'intégration des dimensions sociales et environnementales dans sa politique. Au début du mois de janvier, l'équipe de la DREDD Atsinanana et le Gouverneur de la Région ainsi que le Préfet ont effectué une visite auprès de cette usine de fabrication d'huile de palme. Les acteurs et les responsables locaux se mobilisent ensemble dans la protection de l'environnement et renforcent les actions de patrouilles afin de lutter contre les feux.

ECONOMIE BLEUE

ASSAINISSEMENT DE LA PLAGE DE L'AIRE PROTEGEE DE RANOBE

Mme DREDD Atsimo Andrefana et Mme DEVB collectent les déchets

Les problèmes d'exploitations illicites ne sont pas toujours forcément résolus par la force. Pour ce cas ci, force est de d'admettre que les populations du Sud de Madagascar sont dans la précarité à cause de la famine et de l'insécurité grandissante. Ainsi, les communautés locales sont entrées dans le parc d'Andohahela pour exploiter du mica. La Commune d'Ambatoabo est particulièrement touchée. Un dialogue a alors été entamé entre la DREDD Anosy, l'équipe de MNP, gestionnaire du parc et les communautés locales qui ont souligné que le mica est la solution à leur main pour survivre.
Après la discussion, les exploitants ont accepté de quitter définitivement le parc d'Andohahela. Par contre, une collaboration avec le Maire d'Ambatoabo va permettre de trouver une solution quant aux moyens d'appuyer ces populations.

POLLUTION

TSIKARITRA FA EO AMBOHIDAHY NO TENA AMBONY NY TAHAN'NY FAHALOTOAN'NY RIVOTRA.

Rehefa andro tsena eo Mahamasina no tena miakatra be izany noho ny fisian'ny fitohan'ny fifamoivoizana. Iny làlana iny ihany koa no mahavantana ny maro no mampiasa azy raha hihazo an'Analakely sy Ambohijatovo ary ny ankamaroan'ireo zotram-pitaterana dia mandalo an'Ambohidahy avokoa. Misy ny paikady efa volavolaina izay ifandaminan'ireo Ministera isan-tsokajiny sy ny Tanàn'Antananarivo Renivohitra amin'izany, saingy misy ihany koa ny fepetra azon'ny tsirairay raisina sy tanterahana mba hampihena ny tahan'ny fahalotoan'ny rivotra.
Ny fahasalamantsika no tandrovintsika voalohany.

Antananarivo, farihin'Anosy

CHANGEMENT CLIMATIQUE

FARITRA ATSINANANA: NOHAMAFISINA NY FAHAIZA-MANAON'IREO MPISEHATRA ENY IFOTONY AMIN'NY FIATREHANA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO

Fiofanana momba ny SIG

Manampy ireo mpisehatra isan-tsokajiny handray fanapahan-kevitra sy hanatsara ny paikady entina hiarovana ny tontolo iainana sy hiatrehana ny fiovan'ny toetrandro ny fahazoana sy ny fahaizana mikirakira ireo torohay sy antontam-baovao ara-jeografika. Izany indrindra no antony nandraisan'ireo ekipan'ny DREDD Atsinanana anjara tamin'ny fiofanana momba ny SIG (Système d'Information Géographique et Planification Territoriale) izay notanterahin'ny tetikasa PAZC (Projet d'adaptation en Zones Côtières) ny 7 sy 8 janoary lasa teo. Isan'ny voka-pikarohana natolotry ny tetikasa PAZC nandritra izao fampiofanana izao ny karatra mampiseho ny Faritra ahiana amin'ny tondra-drano (Carte des Zones Inondables) ho an'ny Kaominin'Ambonivohitra Toamasina, Vatomandry ary Mahanoro..

TRANSITION ENERGETIQUE

FILIERE BOIS ENERGIE : MISE EN PLACE DU SCHEMA D'APPROVISIONNEMENT URBAIN EN BOIS ENERGIE POUR LA VILLE DE MAHAJANGA (SDAUBE)

Atelier de remise officiel du SDAUBE

La remise officielle du SDAUBE à la Région Boeny a été effectuée le 6 janvier dernier. Le SDAUBE régit l'approvisionnement en bois énergie et en charbon dans la ville de Mahajanga. Ce schéma contribuera à soutenir les efforts pour la formalisation de la filière bois-énergie tout en veillant à une exploitation durable des ressources forestières de la Région. Le SDAUBE prévoit un reboisement sur 7 000 Ha de surface dont 2 800 Ha pour la première période de 2020 à 2024. Avec l'appui du PADAP, du PLAE, du SOCTAM, du PROSOL et des gestionnaires des aires protégées, l'objectif pour 2021 est de couvrir 2 100 Ha de superficie. Afin de professionnaliser les acteurs de la filière bois-énergie, 40 producteurs de charbons bénéficieront de formation. 78 points de vente pour le charbon et 234 pour les réchauds économiques seront également installés dans la ville de Mahajanga. Le SDAUBE est un partenariat avec PAGE2/GIZ.

FIAROVANA NY ALA AO ANALANJIROFO: NOFANINA MAHAKASIKA NY FANAMBOARANA ARINA BIOLOJIKA IREO OLONA ENY IFOTONY

Tanjona ny hampihenana ny fanimbana ny ala noho ny fanaovana arina (saribao) sy kitay. Nomena fiofanana mahakasika ny fanamboarana arina biolojika, ny fitantanana maharitra ny ala sy ny harena voajanahary ireo Vondron'Olona Ifotony VOI manodidina ny faritra arovana Tampolo ny 12 hatramin'ny 14 janoary lasa teo. Nozaraina fitaovana entina manamboatra saribao biolojika toy ny «presse briquettes» sy «four à charbon» ihany koa izy ireo. Ho fanarenana ireo faritr'ala simba dia zana-kazo zanatany miisa 12 000 no novolena tao amin'ny faritra arovana Tampolo niaraka tamin'ny Society For Conservation Biology Madagascar Chapter (SCB-MC). Niaraka nientana tamin'ny DREDD Analanjirofo tamin'izao fampiofanana izao ny SCB-MC, ESSA Forêt, ny mpitantana ny faritra arovana Tampolo, ny VOI, ny Kaominina Ampasimbe Manasatrana sy Ambodimanga II.

Four de charbon biologique

Briquette de charbon bio

GOUVERNANCE AMELIOREE

TOMBAN'EZAKA NY ZAVA-BITA 2020 NANDRITRY NY FIFAMPIARA-HABANA NOHO NY TAONA VAOVAO 2021 TENY NANISANA

Nandritry ny fananganan-tsaina no niarahaban-dRamatoa Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ireo mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny MEDD sady nanaovana ny tomban'ezaka ireo asa vita. Isan'ireo ezaka vita tamin'ny taona 2020 :

- Ny fitsidihana ireo faritra 20 manerana an'i Madagasikara ho fandrindrana ny asa sy fanamafisana ny haitondra ara-tontolo iainana .
- Ny fampitaovana ireo DREDD toy ny fiara tsy mataho-dalàna, fitaovana ilaina amin'ny asa (ordinateur, imprimante, appareil photo...) .
- Ny fampiharana sy fanamafisana ny «Tolérance zéro» amin'izay manimba ny tontolo iainana.
- Ny fametrahana ny vondrona misahana ny ady amin'ny kolikoly .
- Ny adisisika tamin'ny fampidinana ny tataon-ketra amin'ny entona fandrehitra .
- Ny fampahafantarana ireo karazana akora azo asolo ny arina sy ny kitay .
- Ny fandoavana ny karaman'ireo mpiasa ECD ka nahafahan'izy ireo nanao fety am-pilaminana miaraka amin'ny fianakavian'izy ireo .
- Ny fihaonana teo amin'ireo Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy teto Antananarivo tamin'ny 18 Desambra 2020 teo, izay nentina nanaovana jery todika sy nanamafisana ny fiaraha-miasa teo amin'ny samy mpiara-miasa. Ho an'ny taona 2021 dia ezaka goavana ho tratrarina anatin'ny Vina « *Madagasikara Rakotra ala* » ny fambolenkazo amin'ny velarantany 75 000 ha raha 40 000 ha tamin'ny taona lasa.

Araka ny lahatenin'i Filohampirenena tamin'ny 31 Desambra dia taona fikelezana, taona fanarenana, taona fanorenana, taona hampiakarana ny hafainganam-pandeha ny taona 2021. Ho tena taonan'ny Fandrosoana Lovainjafy tokoa. Nankasitraka ireo mpiara-miasa aminy rehetra ihany koa Ramatoa Minisitra miainga avy eny amin'ny Cantonnement, ny DREDD ka hatraty amin'ny foibe.

HAITONDRA ARA-TONTOLO IAINANA: JERENA AKAIKY NY FAMETRAHANA PAIKADY ISAM-PARITRA

Fihaonan'ireo Ben'ny Ala ao amin'ny faritra Atsinanana

Miara-miasa amin'ireo mpisehatra isan-tsokajiny eny ifotony ireo Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ho fanatrarana ny vina fanamaitsoana an'i Madagasikara sy ho fiarovana ireo harena voajanahary. Anatin'izany dia samy mandrafitra ny paikady mifanaraka amin'ny hodidina sy ny filàn'ny mponina ao amin'ny Faritra misy azy ireo ny DREDD araka ny Politika Ankapoben'ny MEDD. Ho an'ny DREDD_Atsinanana dia nisy ny fihaonana tamin'ireo Ben'ala miisa 6 anatin'ny Faritra Atsinanana entina manatsara sy mandrindra izany paikady ho an'ny haitondra ara-tontolo iainana izany ny 29 janoary lasa teo. Isan'ny teboka nivoitra tamin'izany ny hanaovana laharam-pahamehana ny fampandraisana andraikitra ireo vondron'olona eny ifotony amin'ny fitantanana ireo harena voajanahary, ny fanamafisana ny fitsirihana ireo orinasa, ny fanaraha-maso ny ala sy ny fambolen-kazo. Tanjona ho an'ny DREDD Atsinanana amin'ity taona ity ny handrakotra ala ny velaran-tany 3 000 Ha.

ANTANANAMBO-FANANDRANA : RESTAURATION DES SITES D'EXTRACTION DE SABLE

Visite du site d'extraction de sable

Les sites miniers doivent être restaurés par la société extractive afin de préserver l'environnement et de réduire les risques sur la faune et la flore de la zone. La restauration figure d'ailleurs parmi les engagements inscrits dans le cahier de charges de toute société extractive. Le 26 janvier dernier, la société d'extraction de sable dans le Fokontany d'Antananambo, Commune de Fanandrana a rencontré l'équipe de la DREDD Atsinanana ainsi que le Chef Fokontany afin de se concerter sur les normes, les techniques et les étapes à suivre dans la restauration du site qu'elle a exploitée. Rappelons que le reboisement de jeunes plants autochtones adaptés aux conditions géographiques et climatiques de la Région constitue un élément essentiel à prioriser dans le cadre de la restauration des sites miniers.

AFERA FAMONOANA ZANDARY SY FAMPANDOALIHANA ZANDARY SY BEN'NY ALA TAO BESAKAY/AMBATONDRAZAKA, FARITRA ALAOTRA MANGORO

Ireo Zandary namita iraka tany Besakay

Tsy niandry ela ny Fitondrampanjakana fa anio ihany dia efa olona 15 no voasambotra, ary anisan'izany ilay vehivavy nanaparitaka ny sarin'ireo mpiasampanjakana (Zandary sy Ben'ny Ala) tamin'ny Tambazotra serasera. Mbola karohina ireo nitsoaka. Efa nampitandrina izahay (SEG sy MEDD) fa tsy ho afa-maina ny nahavanona ireny. Tany tan-dalàna eto Madagasikara. Ary tsy ekenay ny nanaovana ireny ny olonay miaro ny ala sy ny tranobe iombonana.

GOUVERNANCE AMELIOREE

SOKAKE 288 INDRAY NO TRA-TEHAKY NY DRSP ATSIMO ANDREFANA

Sokake 288 indray no tra-tehaky ny DRSP Atsimo Andrefana ka natolotra ny Fitaleavamparitry ny Tontolo iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ao Atsimo Andrefana (DREDD Sud-ouest). Mankasitraka mankatelina ireo nanampy na-hatrarana izao. Averina hatrany fa voararan'ny lalàna velona ny famarotana, fanondranana, fitondrana ny sokake miala any amin'ireo toerana voajanahary misy azy ireo.

Sokake 288 tra-tehaka

CONTRÔLE STRICT DES NORMES RELATIVES AU SYSTÈME D'EVACUATION ET DE GESTION D'EAU DES PISCINES A FOULPOINTE

Contrôle d'un établissement hôtelier

Il a été constaté lors du contrôle effectué par la DREDD Atsinanana que c'est le tuyau d'évacuation d'eau du trop-plein de la piscine d'un établissement hôtelier qui est visible au bord de la plage de Foulpointe. Les responsables de cet établissement ont été appelés à enlever de suite le tuyau. Des directives pour la mise en place d'un autre bassin de rétention pour l'évacuation d'eau du trop-plein de la piscine leur ont également été émises. Notons que cet établissement dispose déjà d'un système de traitement des eaux usées fonctionnel.

JOURNEES MONDIALES ET INTERNATIONALES

24 Janv : Journée internationale de l'éducation

28 Janv : Journée mondiale de la protection des données

Marche vers le terrain de reboisement à Manatantely, Taolagnaro